“ Rehefa namorona ny Paradisa sy ny Afobe i Allah, dia naniraka an’i anjely Jibril (A.S)

Tatitra azo avy tamin'i Abou Houraira (R.A), fa Niteny ilay Iraka mahafatokin'i Tompo Allah (S.A.W) fa nanao hoe : “ Rehefa namorona ny Paradisa sy ny Afobe i Allah, dia naniraka an’i anjely Jibril (A.S) Izy mba ho any amin’ny Paradisa, ka hoy Izy hoe : “Jereo ny ao sy izay efa nomaniko ho an’ny mponina ao. Dia nijery izany Izy, avy eo niverina ka niteny hoe : Noho ny Voninahitrao, dia tsy hisy Olona handre izany ka tsy hiditra ao. Koa nasainy hodidinin’ny fahasahirana, dia hoy Izy : Mandehana any, ka jerevo ary izay efa nomaniko ho an’ny mponina ao aminy. Dia nijery an'izany Izy ka hitany fa voahodidin'ny fahasahirana avokoa izany, dia hoy Izy hoe : Noho ny Voninahitrao, dia matahotra Aho sao tsy hisy olona hiditra ao. Dia hoy i Allah indray hoe : Mandehana, jerevo ny Afobe sy izay efa namboariko ho an’ny mponina ao. Dia nijery azy i Jibril, ka hitany fa nifamatotra avokoa ny zava-drehetra, dia niverina Izy ka niteny nanao hoe : Noho ny Voninahitrao, dia tsy hisy Olona hiditra ao. Koa nasainy hodidinin’ny filan’ny nofo avokoa izany, ka hoy Izy hoe : Miverena, ka jerevo. Dia nijery izany Izy, ka hitany fa voahodidin’ny filan’ny nofo, avy eo dia niverina Izy ka Niteny hoe : Noho ny Voninahitrao, dia matahotra Aho fa sao dia tsy hisy handositra an'izany ny olona fa dia hiditra ao avokoa.

[Tsara] [Notantarain'i Abo Daòd, Al-Tirmizì ary Al-Nasàì]

Nampafantatra i Mpaminany (S.A.W) fa i Allah rehefa nanamboatra ny Paradisa sy ny Afobe, Dia Niteny tamin'ny Anjely Jiboriol (AS) Izy ka nanao hoe : Mandeana Ianao ao amin'ny Paradisa ka jerevo avokoa ny ao anatiny, Nandeha nijery tao Izy avy eo niverina, Ka Niteny i Jiborilo nanao hoe : O ry Tompo, Mihaniana amin'ny Herinao Aho fa izay maheno izany sy izay fahasoavana ao anatiny ary ny Voninahitra sy ny hatsarana afa-tsy hoe mankatia ny hiditra ao Aminy avokoa, ary hanatanteraka ny asa noho izany. Avy eo dia nirakofan'i Allah ny Paradisa ary nofefeny ireo fahasahiranana sy fankasarotana amin'ny fanatanterana ny didy amambaikony sy ny fisitahana ireo zavatra rehetra izay voarara; fa ho an'izay mankatia ny hiditra ao dia tsy maintsy miaina amin'io fahasahiranana io. Avy eo Niteny i Allah ilay Avo Tsitoha ka nanao hoe : O ry Jiboriol ! Mandehana mijery ny Paradisa, rehefa voahodidin’ny fahasahirana sy fankasarotana. Lasa Izy nijery tao, avy eo nilaza ka nanao hoe : O ry Tompo ! Mifanta sy mianiana amin'ny Herinao Aho matahotra Aho fa tsy misy hiditra ao na dia iray aza nohon'ny fahasahiranana sy ny fahasarotanan'izany làlana makany izany. Ary rehefa noharin'ny Tompo Allah ny Afobe, dia Niteny Izy hoe : O ry Jibril ! Mandehana jerevo ny ao anatiny, lasa Izy ka nijery tao anatiny. Avy eo tonga Izy ka Niteny i Jibril fa hoe : O ry Tompo ! Mianiana amin'ny Herinao Aho fa tsy misy olona maheno ny ao anatiny amin'ireo sazy sy ny famaizana ary fahasarotanana, afa-tsy hoe hankahala ny fidirana amin'izany toerana izany ary ankalavitra tanteraka ireo antony mety hampiditra ny ao anatiny. Avy eo nirakofan'i Allah ny Afobe ary nataony ny làlana mankany dia ny fafinaretana sy ny fitiavana ny tsiron-javatra avy eo niteny Izy ka nanao hoe : O ry Jiborilo ! Madehana mijery ny ao anatiny. Lasa i Jibril

(A.S) nijery ny tao anatiny, avy eo tonga Izy ka nilaza nanao hoe : O ry Tompo !, Mifanta sy mianiana amin'ny Herinao Aho, atahorako ary tsy hinoako fa tsy misy avotra amin'izany na dia iray aza; noho ireo zavatra manodidina azy amin'ireo fafinaretana sy ny fitiavan-javatra.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/65034